

Ny lohatenin'ny fizarana nataonay G2 dia ny hoe « Mêlez-vous aux brebis » izay neza hana nadika hoe « Mifangaroa » na « Mifanerasera » na « Miaraha miaina amin'ny ondry tandremana ».

Mety misy fomba fijery izay mampitovy ny fitondrana fiangonana sy entreprise. Tsy ny olona mijery avy eny ivelany ihany fa na isika Tompon'Andraikitra koa aza dia mety ho tratan'izany.

Amin'io modely io dia azo lazaina hoe nokaramaina ny Pasitera mba hiandraikitra ny fampianarana Soratra Masina sy hitarika ny fanompoam-pivavahana ary ny Tompon'Andraikitra kosa dia mpamolavola sy manao izay hampandeha ny raharaha fotsiny.

Marina fa misy ilana azy izay hita any amin'ny orin'asa isan-karazany mba ho entina mitantana tsara ny fiangonana ho voninahitr'Andriamanitra.

Saingy ny tsy mety dia raha toa ka lasa tsizarizary na ambanin-javatra ny fampianarana ny Tenin'ny Soratra Masina.

Rehefa nodiniana koa ny Baiboly dia hita fa ny Tompon'Andraikitra kay dia manana andraikitra mitovy amin'ny Pasitera, izany hoe napetraka hitandrina ny ondry ihany koa.

Ny Zava -misy :

- 1- **Inona no mahasamihafa sy ny mampitovy antsika tompon'andraikitra (pasitera benevola) sy ny Pasitera (pasitera maty hanina)**
- a- **Ny mahasamihafa azy**

Isika tompon'andraikitra dia mitandrina ny latabatra. Mikarakara ny resaka logistique rehetra mba hampilamina ny culte na ny fampianarana sns... ary indrindra koa efa manana ireo asa fitadiavam-bola sahanintsika andavanandro.

Mpitandrina maty hanina dia mahazo fivelomana amin'izany ; nandranto fianarana, ary manokaitena sy mifantoka tanteraka amin'ny asa fitandremana ny fiainany. Noho zany dia manana fotoana bebe kokoa izy ary manavanana kokoa amin'ny asa pastoral sy ny fampianarana ary ny fitorianteny.

>> **Izany indrindra no mahatonga antsika mitady mpitandrina maty hanina (ary tena tsara raha à temps plein)**

- b- **Mampitovy :**

Mitovy ny asa sy ny andraikitra andrasan'i Tompo amintsika, ary azo lazaina mitovy titre mihintsy amin'ny mpitandrina isika tompon'andraikitra fa isika tsy mandray fivelomana amin'izany fotsiny Oh : rehefa misy trano may. Moa tsy mitovy ihany va ny afo vonoin'ny pompier volontaire sy ny tena pompier sa ahoana ? >> Dia toa izany mihintsy koa isika pasitera benevole sy ny pasitera maty hanina

Ny tsara tadidiana izany dia mitovy ny défi andrasan'Andriamanitra amintsika : samy antsoin'Andriamanitra **hiandry** sy **hamahana** ny ondry daholo

- 2- **Ahoana izany hoe miandry sy mamahana ny ondry ?**

« Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy antery fa amin'ny sitrapo araka an'Andriamanitra : tsy amin'ny fitiavana harena maloto fa amin'ny zotompanahy. »1 Pet 5.2

Isika tompon'andraikitra dia mpiandry irahin'Andriamanitra, miara-miasa amin'ilay **Mpiandry** tsara dia Jeso Kristy, hitarika sy hamahana ny ondry. « **Mpiandry adjoint izany isika** » □ Etria Izy Tompo mihintsy no nifidy sy nametraka antsika eto.

« Izay mino ahy hoy ny Tompo, Ny asa ataoko no ataony koa ary hanao asa lehibe noho izany aza izy » Jaona 14/12

Miandry amin'ny fomba roa lehibe :

- 1- **Manana fifandraisana akaiky amin'ny mpikambana :**

« Izaho no Mpiandry tsara , Fantatro ny Ahy sady fantany Aho » Jaona 10.14

Rehefa mivavaka ihany Jeso Mpiandry tsara no mandeha mitokana , fa ankoatr' izay Izy dia miaraka amin'ny vahoaka sy ny mpianany foana : miandry ny ondry, mamahana , miresaka, mahalala tsara ny ondriny, mitarika , eny hainy hatramin'ny fofony aza. mikarakara, mampianatra, mitarika mampiofana, mampisakafo. Tsy mifidy toerana na fotoana. Izy nahafoy ny ainy, ary tsy nanome fotsiny ny ainy ho an'ny ondriny fa tena niara-niaina tamin'izy ireo. « **Hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy ; Ny sandriny no hanangonany ny zanak'ondry, ka hotrotroiny eo an-tratran'ny ireny, ary horoahiny miadana ny ampahany. Isaia 40.11 . Eo antratrany izany hoe eo akaikin'ny fony mihintsy...Toa izany koa** isika tompon'andraikitra ; antsoina hanana fiainam-bavaka ; antsoina hiaina eo afovoan'ny vahoak'Andriamanitra, hiaro sy hiah'y azy ireo ; hifanerasera sy hitrotro ireo ondry andrasantsika ireo. **Fantatsika ve ireo olona ahantsika ? ireo mpikambana ao amin'ny sampana misy antsika ireo ? Fantatr'izy ireo ve isika ? Raha eny , dia arahaba soa arahaba tsara, raha tsia kosa , dia tsy mbola tara fa makà** fotoana miresaka , miandry, mihaino, ahalalàna azy ireo, manoro, mamahana ny tenin'Andriamanitra. Fantaro ny ondry asain'Andriamanitra andrasantsika, ahafantarantsika ny ilainy, ny sakafo sahaza azy.

2- Olona tia mampiantrano vahiny :

Ny pasitera na mpiandry « adjoint n'i Jesosy » dia olona manana fo tia sy miantra, tia mizara sy manompo, olona tia mandray sy tsy matahotra miresaka sy mifanerasera amin'ny olona rehetra tsy ankanavaka, ary sahy mampiditra azy ireo ao amin'ny fiainany.

« Juste un regard, un sourire, un mot doux, de l'amour, de l'attention, tenin'Andriamanitra fohy « tia anao Jeso ». «Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. » Jaona 15.13

Vous n'avez pas la bonne personne pour le poste

Ny tiana aseho eto dia ny mety ho fahatsapana hoe tsy mifandraika amin'ny personnalité ko (maha-izy ahy) ity asa fanompoana iantsoana ahy ity.

Ohatra hoe : ilaza vaovaom-piangonana nefa izaho tsy sahy miteny eo imason'ny olona maro.

Ny mety amiko dia miasa mifafina, moramora ao ambadika fa aleo ireny asa ireny ho an'ny olona mety ho avanana kokoa.

Hita fa ao amin'ny antson'ny Tompo dia maro karazana ny andraikitra mety iantsoana antsika « Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, » Efesiana 4. 11.

Ka manoloana izany arakaraky ny toetra sy talenta ananantsika dia mety hihevitra isika hoe itsy asa itsy na ilay iray iry no mety hiaraka @ toetrako.

Kanefa inona no angatahin'Andriamanitra amintsika rehefa miantso antsika Izy ?

Ny votoanton'ny zavatra angatahina amintsika dia ny manao ny asa fanompoana ary mifandray @ mpiara-miangona (ondry). Miaina eo anivon'ny ondry.

Ary indraindray isika mety hihevitra hoe izaho mbola tanora, mbola tsy misy trai-kefa na vaovao manoloana ny asa sy olona mety hita eny an-dalana. Satria manana andraikitra isika dia eo amin'ny laharana voalohany manoloana izany. (Premier rang devant les obstacles).

Mety ho azon'ny fakam-panahy isika hoe tsy ahavita azy. Nefa Andriamanitra mahay miasa sy manova antsika avy ao anaty. Fa tsy eo no eo izany, fa miasa tsikelikely ny fanahy Masina hanovana antsika. Ary ny fitiavana ny ondrintsika mahavita manosika antsika foana manoloana ny sakana.

Hita ao @ Gal 5 : 24 « Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazo fijaliana ».

Namela ny maha izy azy antsika taloha ka ho olom-baovao. Manampy ny hafa isika am pitiavana raha misy manana olana ny ondry toy ny mpiandry ondry tsara.

Effectuer une transition en douceur

Tsara ny fisian'ny organisation / fandaminana mahomby. Amin'ny hetsika rehetra atao, amin'ny fiainam-piangonana ankapobeny.

Fa mila mandinin-tena foana isika hoe mbola manao ny asa mpitandrina ve isika / mbola miandry tsara ny ondry ve ? Sao variana @ hetsika sy activités maro fotsiny ka hadino ny vontoatin'ny asa niantsoana antsika.

Afaka manisy « amélioration continue » foana isika satria ilaina izany @ fandrindrana fikambanana. Fa ny tena zava-dehibe dia ny mifandray @ ondry sy miara-miasa amin'ny samy TPA.

Quel est l'objectif ?

Raha fintinina zany ny voalaza rehetra teo aloha dia ny « Loholona » dia azo oharina mitsy @ « mpitandrina » na « mpiandry ». Ny tena andraikitra lehibe sahanin'izy ireo dia ny miezaka mifandray akaiky @ mpikambana , mifanerasera akaiky @ izy ireo , ny mikarakara ny fiainam-panahin' ny mpikambana mba hitomboan'izy ireo ara-panahy mba ho @ fahafenoan' i Kristy. Satria ny mpino izay mitombo ara-panahy dia afaka mitory @ olona mifandray aminy ny tenin' Andriamanitra sy manampy ny hafa mba hahalala bebe kokoa an' Andriamanitra. Singanin' i Paoly manokana eto ao @ « **Efes 4 11-14** », marihiny eto fa rehefa mahatanteraka tsara ny anjara asany ny loholona dia afaka manampy ny mpino ho lasa lehilahy lehibe mahatratra ny ohatry ny halehiben' ny fahafenoan' i Kristy mba tsy ho zaza intsony ka ahilangilan' ny fampianaran-diso . Manarak'izany dia misy koa anefa ny lafiny ara-materialy sy ny fandrindrana samihafa toy ny tetibola, ny toeram-piangonana, ny fandaharam-potoana sy ny hetsika samihafa maro isan-karazany mba hahalavorarian' ny fiainam-panahy. Tsy afa-misaraka ny resaka organisation sy ny fiandrasana ny ondrin' Andriamanitra satria ny fandaminana tsara no entina miady hampitombona ny fitoriana ny filazantsara ka mahatonga ny ondry hitombo ara-panahy sy hiova fo. Ohatra ny hetsika karakaraina ao am-piangonana mba hitaomana ny olona ho ao am-piangonana. Kanefa tokony hijanona ho « priorité » @ loholona foana ny mikatsaka ny fiainana ara-panahin' ny mpikambana sy ny hiovan'ny olona fo.

Passer le relais

Farany rehefa lasa niakatra any an-danitra ny Tompo dia ny hafany dia ho lasa mpianatra ny firenena rehetra. Izany no nahatonga azy hi-« passer relais » @ apostoly, izany hoe anjaran' ny apostoly no nampianatra indray sy nitory ny filazantsara ary ny apostoly indray no ni-« passer relais » t@ vahoaka zay nisolo ny apostoly izay lasa « loholona » @ androntsika ankehitriny.